Midangana ny vidim-piainana **2**

## Tsy ampy ny atokan'ny olona amin'ny fampianaran-janaka

Holafitry ny mpisolovava **7**

## Voafidy fanindroany ho filoha indray, Me Raondry Alain


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 5 septambra 2023 Laharana 1469 Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Talohan'ny Lalaon'ny Nosy **7**

**Tsy vita ny lalana, tsy vita ny teleferika, tsy vita ny train urbain…**

Madagasikara tsy entina Vahiny **2**

# Nosakanan'ny herim-pamoretana teo an-dalambe no nanao fanambarana



Fifidianana filohampirenena **2**

# 14 ireo kandidà efa nametraka dosie ao amin'ny HCC

IITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA

HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Kandida ho Filoham-pirenena

| N° | Daty | Anarana sy fanampiny | Antoko |
|---|---|---|---|
| 01 | 24/08/23 12:04 | RAVALOMANANA Marc | TIAKO I MADAGASIKARA (TIM) |
| 02 | 26/08/23 10:40 | RATSIRAKA Annick Zoary | Antoko REvolisionera MAlagasy ( AREMA |
| 03 | 30/08/23 10:45 | VOLOLONIRINA Marie Josiane | Mahaleotena |
| 04 | 30/08/23 11:01 | PARAINA Auguste Richard | TSARA TAHAFINA |
| 05 | 01/09/23 10:18 | RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle | Antoko Politika Madio (APM) |
| 06 | 01/09/23 10:55 | MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'Arc | Andraikitro no Mampandroso an'i Madagasikara (AMM) |
| 07 | 01/09/23 15:00 | JEAN Noel Abel | Mahaleotena |
| 08 | 01/09/23 15:29 | RASOLOFONORONIAINA Julia Mickaëlle | Andry Fanavotana an'i Madagasikara (AFM) |
| 09 | 02/09/23 10:59 | RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry | Coalition de partis PSD et autres |
| 10 | 02/09/23 11:28 | RATSIETISON Jean Jacques Jedidia | Fahefa-Mividy no Ilain'ny Malagasy (FMI Ma) |
| 11 | 04/09/23 08 :36 | ANDRIANAINARIVELO Hajo | Malagasy Miara Miainga (MMM) |
| 12 | 04/09/23 11 :04 | RADERANIRINA Sendrison Daniela | Fy-M |
| 13 | 04/09/23 11 :33 | RAZAFINJOELINA Tahina | Firaisankinan'ny Tia Tanindrazana (FTT) |
| 14 | 04/09/23 15:27 | LACHAPELLE Hery Tiana Guy | NATIORA |

Miala Rajoelina **3**

# Tsy Gasy fa Vazaha (T.G.V) mpamadika tanindrazana

# J - 4

Maitirano faritra Melaky **6**

## Zandary namoa-tsampona nitifitra olona indray

Can Côte d'Ivoire 2023 **6**

## Hidona amin'i Angola ny Barea rahafak'ampitso

**Daka kely**



**Tsy mozea ny an'ialahy ry Boaikely fa fampirantiana «friperie» a !**

**Hetsiky ny Olom-pirenena Madagasikara tsy entina Vahiny**

# Nosakanan'ny herim-pamoretan-dRajoelina, teo an-dalambe no nanao fanambarana


*Ny sasany tamin'ireo mpitarika teny Mandrimena omaly.*

Saika hanao hetsika teny Mandrimena omaly ny Hetsiky ny Olom-pirenena Madagasikara tsy Entina Vahiny, nosakanan'ny herim-pamoretan-dRajoelina anefa izany, ka dia teo an-dalambe no nanao fanambarana ireo mpitarika avy amin'ny antoko politika, fikambanana, depiote, kandidà ho filohampirenena,…Nisy ny fivoriana ampilaminana saika ho ataon'ny hetsiky ny olompirenena Madagasikara tsy entina vahiny, tao amin'ny ISTS Mandrimena omaly tolakandro izay notarihin'ireo kandida filohampirenena niaraka tamin'ireo olomboafidy depiote sy loholona, ireo ben'ny tanàna ary olompirenena tsotra. Nandritra izany dia tsy navela hiditra tao anaty trano fivoriana ireto farany na efa nahazo alalana tamin'ny tompon-trano aza. Nampiaka-peo noho izany ireo solombavambahoaka nanoloana ny fihetsik'ireo be baoty nanakana azy ireo . Niezaka niantso ny prefektoran'Antananarivo ny depiote Fidèle Razara Pierre, fa tsy nandray ity tompon'andraikitra voalohany amin'ny resaka fanakanana hetsika ataon' ny mpanohitra ity . Etsy andaniny anefa, afaka mivory manao kongresy soa amantsara ny antokon'ny fitondràna TGV eny amin' ny tranom-panjakàna CCI Ivato . Manoloana izany dia nitondra ny teny avy amin'ireo tonga rehetra teny antoerana ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina, fa misy ny mizana tsindrian'ila eto amin'ny firenena . Ny zavatra hita amin'izao dia tsy misy ny fanajana ny lalàna sy fahafahana maneho hevitra sy miteny ary mivory no misy amin'izao ataon'ity fitondràna ity . Rehefa ny mpitondra no manao n'aiza n'aiza dia tsy misy ferana. Aiza ny fanjakàna tan-dalàna amin'izany ? iza no tokony hampihàtra satria ny mpitondra no tokony hanome ohatra amin' izany ? Ny mpanohitra dia tsy izahay ihany hoy ny filoha Hery Rajaonarimampianina fa ny 80 % ny Malagasy, izay miaina ao anaty fahantrana, tsy fisiana, tsy fananan'asa ary tsy afaka mampianatra zanaka intsony . Izany no te hiteny amin'izao, fa izahay dia mitondra ny tenin'izy ireo. Raha izao no fandehan'ny raharaha hoy izy dia manahirana foana ny ahitàna filaminana amin'ny adihevitra atao eto amin'ny firenena. Marihina fa nirava ampilaminana miandry ny ho tohin'ny atao manaraka ireo vahoaka maro tonga teny Mandrimena Andoharanofotsy. Ny zavatra hitan'ny mpanao gazety dia olona mianjaika vonona hivory ampilaminana, fa tsy olona nivonona hidina andalambe no teny Atsimondrano omaly io.

***Helisoa***

Fifidianana filohampirenena

# 14 ireo kandidà efa nametraka dosie ao amin'ny HCC

Hatramin'ny omaly tolakandro, 14 ireo kandidà efa nametraka ny firotsahan-kofidiany na ny dosie-ny ao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC) etsy Ambohidahy. Omaly, kandidà miisa 4 indray no nametraka ny antontan-taratasiny izay dia ny kandidà Hajo Andrianainarivelo avy amin' ny MMM, ny kandidà Raderanirina Sendrarison Daniela avy amin'ny Fy-M, ny kandidà Tahina Razafinjoelina natolotry ny FTT : Firaisankinan'ny Tia Tanindrazana ary ny kandidà Lachapelle Hery Tiana Guy avy amin'ny Natiora. Arak'izany, tsy mitsaha-mitombo ny kandidà vonona hirotsaka hofidiana, miisa 08 ny lehilahy raha 05 kosa ny vehivavy. Ampoizina ny mbola hiakaran'io isa, satria mbola misy kandidà 3 eo ho eo efa nanao fanambarana filatsahan-kofidina, fa tsy mbola nandrotsaka ny antontan-taratasiny. Mbola misy hafa ivelan'izany koa tombanana ho kandidà, fa tsy mbola nanao fanambarana hatreto. Dia ho hita eo ny tohiny anio, rahampitso alarobia 6 septambra no daty farany handraisan'ny etsy Ambohidahy ny dosie-n'ireo vonona hifaninana ho eny Iavoloha sy Ambohitsorohitra izay.

ITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA
HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Kandida ho Filoham-pirenena

| N° | Daty | Anarana sy fanampiny | Antoko |
|---|---|---|---|
| 01 | 24/08/23 12:04 | RAVALOMANANA Marc | TIAKO I MADAGASIKARA (TIM) |
| 02 | 26/08/23 10:40 | RATSIRAKA Annick Zoary | Antoko REvolisionera MAlagasy ( AREMA |
| 03 | 30/08/23 10:45 | VOLOLONIRINA Marie Josiane | Mahaleotena |
| 04 | 30/08/23 11:01 | PARAINA Auguste Richard | TSARA TAHAFINA |
| 05 | 01/09/23 10:18 | RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle | Antoko Politika Madio (APM) |
| 06 | 01/09/23 10:55 | MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'Arc | Andraikitro no Mampandroso an'i Madagasikara (AMM) |
| 07 | 01/09/23 15:00 | JEAN Noel Abel | Mahaleotena |
| 08 | 01/09/23 15:29 | RASOLOFONORONIAINA Julia Mickaëlle | Andry Fanavotana an'i Madagasikara (AFM) |
| 09 | 02/09/23 10:59 | RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry | Coalition de partis PSD et autres |
| 10 | 02/09/23 11:28 | RATSIETISON Jean Jacques Jedidia | Fahefa-Mividy no Ilain'ny Malagasy (FMI Ma) |
| 11 | 04/09/23 08 :36 | ANDRIANAINARIVELO Hajo | Malagasy Miara Miainga (MMM) |
| 12 | 04/09/23 11 :04 | RADERANIRINA Sendrison Daniela | Fy-M |
| 13 | 04/09/23 11 :33 | RAZAFINJOELINA Tahina | Firaisankinan'ny Tia Tanindrazana (FTT) |
| 14 | 04/09/23 15:27 | LACHAPELLE Hery Tiana Guy | NATIORA |

*Ny lisitr'ireo kandidà efa nandrotsaka ny firotsahan-kofidiany tetsy Ambohidahy.*

***Isambilo***


*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Midangana ny vidim-piainana
## Tsy ampy ny atokan'ny olona amin'ny fampianaran-janaka

Nanomboka omaly tokoa ny taom-pianarana 2023-2024 eto amintsika, izay nambaran'ireo ray aman-dreny manan-janaka mianatra eny amin'ny fanabeazana fototra, fa tena sarotra tokoa noho ireo vidim-pitaovana fampiasa izay nisondro-bidy avokoa tamin'ny ankapobeny.
Ho an'ireo izay manan-janaka mianatra eny amin'ny sekolim-panjakana EPP, CEG, dia nitsotra fa tsy takatra ary tsy nampoizina ny totalim-bidin'ny vola lany amin'ny ankizy iray, satria efa nandoavana sarampisoratana anarana 5alina Ar hoy ry zareo avy eny Avaradrano eny, Sab-Nam, Anosy avaratra, Ilafy sy ny manodidina iny, ny volana jolay sy aogositra, ary tsy maintsy nividianana ireo fitaovam-pianarana ihany koa tamin'izao fiandohany izao, nefa dia midangana avokoa raha oharina amin'ny karama raisin'ny ray aman-dreny isam-bolana. Ny kitapo sy ny sakaosy, no olana voalohany indrindra amin'izany, raha ny fitaovana no asian-teny, izay nambaran'izy ireo fa tsy latsaky ny 15000 Ar ny kitapo tsotra,, ary manodidina ny 30000 Ar ny sakaosy vao mahazo, manampy trotraka izany ny kahie sy boky ary ireo fitaovam-panoratana sy ny fitafiana iraisana na aron'akanjo (tablier) izany, izay vidiana na zairina manokana mitovy amin'izay takian'ny tale sy ny sekoly manontolo, izay mitotaly hatramin'ny 9alina ariary eo ho eo, ka raha atambatra amin'ilay sarampisoratana tery aloha, dia efa mahatratra 140000 Ar. ho an'ny zanaka iray.
Hita mazava araka izany, fa raha zanaka roa fotsiny ihany no mianatra eny amin'ny sekolim-panjakana dia tsy misy dikany akory ny karaman'ny ray aman-dreny, nefa mbola ialan'ny hofantrano sy sakafo, manampy trotraka ny jiro sy rano, ary diniho tsara ihany koa fa raha mianatra amin'ny sekoly tsy miankina na sekolim-pinoana ny zanaka, dia jereo araka izany ny lany rehetra amin'izao fitondrana manahirana izao, hoy ny loham-pianakaviana vitsivitsy nitafa tamin'ny mpanao gazetin'ny Ny Valosoa. Midangana hoy ry zareo ny vidim-piainana, sady vao avy nilamina tamin'ny fialan-tsasatra lavalava teo iny, no nahazo fahafinaretana 10 andro tamin'ny Lalaon'ny Nosy isika, no tonga dia ianjadian'ny volam-pampianarana toy izao, ka sarotra tanteraka raha tsy ahitana vaha-olana malaky amin'ny mpitondra na izay handimby azy eo, mba tsy hanimba ny ho avin'ny ferenena, ka tokony hasiam-piheverana hatramin'ny saran-dalana sy ny vidin-tsakafo mihitsy aza hoy ihany ny maro. Raha ny mpitondra amin'izao fotoana aloha dia tsy poinsa intsony hoy ny fitenin'ny tanora izay, satria nampijaly vahoaka ny fitondrana Rajoelina nandritra izay 5 taona izay : vidim-piainana tsy voafehy, nitombo nby tsy an'asa, miseho lany tsy voafehy koa amin'ny ankapobeny ny tsy fandriampahalemana izay tena mampahory ny maro tokoa, tsy any ambanivohitra ihany, fa indrindra indrindra amin'ny faritry ny renivohitra. Ny delestazin'ny jiro sy ny fijaliana amin'ny rano manginy fotsiny. Mila mpitondra vaovao manana traikefa izany, ny filoha Marc Ravaloamana no efa hita ny zava-bita, sy ny fahafehezany ny fitondrana, nandritra ny 7 taona naha-filoha azy izay, ka anisan'ny handrian'ny fon'ny maro izy hanavotra ny vahoaka sy ny firenena.

***Beharo***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
**Tsivery R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Miala Rajoelina. J- 4

# Tsy Gasy fa Vazaha (T.G.V), mpamadika tanindrazana

Hay "Tsy Gasy fa Vazaha" (TGV) no filohan'ny Repoblika IV-2, Rajoelina Andry Nirina, nandritra izay efatra taona sy sivy volana nitondrany izay ! Mazava ho azy fa gasy ny rainy, gasy ny reniny, ka rà gasy no mikoriana ao anatiny ao saingy tsy misy afaka mandà fa any aminy koa ilay porofo "valo sentimetatra" (8 cm), araka ny filazany azy, fa "vazaha mpanjanaka izy" satria frantsay. Na dia mahafantra ny Lalàna mifehy ny Zompirenena Malagasy ao amin'ny Andininy 42, aza ireo parlementera, depiote sy loholona, eto amin'ny Firenena dia mbola sahy nivory, ny herinandro lasa teo, ka niantso ity mpanjanaka ity hirotsaka kandidà amin'ny Fifidianana Filohan'ny Repoblika ihany. Tsara tsiahivina ny voarakitr'ity andininy 42 ity fa very ny zom-pirenena maha Malagasy an-dRajoelina Andry Nirina satria izy tenany no nangataka antsitrapo ny zom-pirenena frantsay, araka izany dia tsy mahazo mirotsaka ho anisan'ny kandidà satria fandikan-dalàna sy famadihana Tanindrazana ny fisisihana amin'izany. Soa ihany fa 4 andro: J- 4 sisa dia hametra-pialana ity filoha namitaka vahoaka ity. Ankoatra izany, manao kongresy ny antoko "Tsy Gasy fa Vazaha" nanomboka omaly ka hanapaka hevitra fa Rajoelina Andry Nirina no ho kandidàny. Tao amin'ny fandaharan'ny fahita lavitra tsy miankina ny alahady alina teo dia nanamafy izany ny depiote sy loholona IRD ary nanizingizina tamin'ireo mpanohitra nifanatrika taminy, fa tahotra fifidianana ny an'ny mpanohitra (tahotra an-dRajoelina Andry Nirina) ka voiziny mafy ity maha vazaha frantsay an-dRajoelina Andry Nirina ary mitaky fiaraha-midinika an-databatra boribory ny samy Malagasy mba hialàna amin'ny tahotra korontana. Avelao, hono, hoy ireto loholona sy depiote ireto, ny malagasy no hitsara satria tsy tambo isaina ny zavabitan'izao fitondrana izao eo amin'ny sehatra rehetra ka mino izy ireo fa ho lany ny kandidàny. Azo inoana fa miantehitra amin'ny tafika sy zandary ary polisy izao fitondrana izao, ka na inona na inona hataony: na amboletra, na fandikan-dalàna araka ny nahazatra azy hatramin'izay, na fanosihosena ny fiandrianampirenena dia hiroso hatrany ireto TGV ireto. Tsy azo hodian-tsy hita koa anefa ny Fanambarana Iombonana nataon'ireo kandidà valo mianadahy izay tsy manaiky, araka ny lalàna sy ny andraikitra takiana amin'ny Filohan'ny Repoblika, ny mbola hirotsahan-dRajoelina Andry Nirina ho kandidà ary miantso ireo tomponandraikitra, na olomboafidy na olomboatendry na miaramila na sivily, mba handray ny andraikiny hifanaraka amin'ny lalàna velona. Etsy an-kilany koa dia na jeneraly efa misotro ronono na mpanao politika na olontsotra dia tsy manaiky "vazaha" ho filohan'ny Repoblika izany intsony, satria iaraha-miaina ny loza nihàtra sy mihàtra amin'ny Firenena nandritra ny folo taona (dimy taona tetezamita ary ny amin'izao fotoana izao) nitondran-dRajoelina Andry Nirina izay. Samy miaiky ihany koa, hatamin'ny mpitondra Fivavahana, fa ilaina ny fifampidinihana hitadiavana ny hevitra sy ny làlan-kizorana ary ny famaritana ny fepetra rehetra mba tsy izao fifidianana izao indray no hiteraka korontana sy krizy politika eto amin'ny Firenena. Milaza ny tandapa sy ireo mpanohana an-jambany izao fitondrana izao, fa matahotra fifidianana ny mpanohitra kanefa ny tranga sy ny fihetsik'izy ireo dia, angamba tsy matahotra fifidianana, fa fa efa mandindona azy ireo ny faharesena satria tsy misy mandeha amin'ny laoniny izay ataony rehetra ka nasaina nihinan'IEM ny Malagasy, kanefa tsy nanarapenitra iny dia novaina PEM, nahodina ho "Plan Marshall" kanefa vao mainka nihemotra niady gisitra ny Firenena. Tsy gaga intsony ny Malagasy rehefa nahafantatra fa taranaka mpanjanaka Rajoelina Andry Nirina, ka tsy nisy vokany ny fitakiana ireo Nosy Malagasy, satria tsy maintsy manaiky ny fanambaran'ny filoha frantsay hoe: "Ici c'est la France" izy. Tsy mahagaga ihany koa raha tsy noraisin'ny Filoha Frantsay tao amin'ny efitrano fandraisana filohampanjakana Rajoelina Andry Nirina tamin'ny fihaonan'izy ireo farany, satria tsy mitovy laharana aminy noho ny maha frantsay azy. Sakanana sy anaovana antsojay tsy afaka haneho hevitra sy hamory vahoaka ny mpanao politika, amin'ny fibaikona herimpamoretana, kanefa ny mpitondra dia mahazo manao izay tiany atao na aiza na aiza ary na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona. Hoy ny hain-teny Malagasy iray: "Veloma ry sakaiza, tsy ho voan'ny antànan-tena anie, tsy haratra ny an-tànan'olona."


***Andry Tsiavalona***

**FIFIDIANANA**

# Raikitra ny fifanasana vangy eo amin'i Tinoka sy ry Siteny

Raikitra ny ady an-tserasera, fifanasana vangy, eo amin'i Tinoka Roberto sy ny kandidà Siteny Randrianasoloniaiko amin'izao fotoana, sy ireo mpomba azy avy, samy milaza ho mahazaka olona any Toliara sy ny faritra Atsimo Andrefana.

Nanao fanambarana ny mpikambana TGV Toliara, fa manohana ny filoha Andry Rajoelina ary mbola mangataka ny hirotsahany indray amin'ny fifidianana filoham-pirenena hoavy io. Ny Consul Général atsy amin'ny Nosy La Réunion sady Sekretera Nasionaly TGV, misahana ny Faritanin'i Toliara, Tinoka Roberto no nitarika ny fivoriana ary nanakiana mafy ny kandidà ho filoham-pirenena Zanak'i Toliara, Siteny Randrianasoloniaiko, izay



ampangainy ho mpamadika sy mpamitaka ary nanao tohatra fiakarana ny TGV Toliara. "Mahatsiaro voafitaka sy nataon'i Siteny tohatra fiakarana ny vahoaka sy ny Antoko TGV ary IRD Toliara. Ny TGV Toliara no nampandany azy ho Depiote. Mbola isika tato amin



TGV ihany koa no niantoka Tee-shirt, ny volan'ny delege, ..." , hoy i Tinoka Roberto, nanakiana mafy an'i Siteny Randranasoloniaiko.

Tsy niandry ela, nisy ny namaly an'i Tinoka, izay tondroin'izy ireo ho mpandainga sy mpisandoka Diplaoma."Aza mavandivandy ianao Toto (Tinoka Roberto). Radio sy télénao nanohana Behaja tamin'ny fifidianana fa tsy nanohana Siteny velively. Ny tena vahoaka mpifidy ao Toliara dia tsy olona adala ka hanaiky handray 5.000Ar (25.000 fmg) ka hanaonao fahatany. Tsy olona adala ny vahoakan'i Toliara ka hanaraka ny hadalanao. Herimpo verimaina ny anareo io", ireo no ampahany tamin'ny valin-kafatra nataon'i Marco Rasolobe ny Sekretera nasionalin'ny TGV, Tinoka Roberto tamin'izao fifamaliana aratserasera izao. Hafana ny fifandresen-dahatra amin'ny fifidianana ho avy hatao eto amintsika io, aoka ny tsy olona kosa no hiady amin'io fa ny hevitra.

***Stefa***

**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

## Fatiolona noho ny fifanosehana teny Mahamasina

## Fahafaham-baraka ho an'ny fitondrana Rajoelina



**Georges Ranaivomanana :** TENA AFARABARAKA TANTERAKA ILAY ANDRY RAJOELINA SY NY FITONDRANY. Tonga nametraka voninkazo teny amin'ny toerana nahafatesan'olona maro tamin'ny fanokafana ny Lalaon'ny Nosy teo Mahamasina i Huguette Bello, filohan'ny Région Réunion.
Ny fahorian'ny Malagasy dia fahorianay ihany koa hoy izy, ary tsy ho adino ireo olona namoin'ny ainy teny. NA NY FILOHA RAJOELINA AZA TSY NAHAVITA AN'IZAO FIHETSIKA IZAO AKORY. FAHAFAHAMBARAKA TANTERAKA.

**Rabena Rasoa :** nanapoaka afomanga aza izy.

**Hassan Aly :** variana tamin'ny WERAWERA tsy maintsy mandeha! Dia adino ny fahorian'ny olona saika hijery fety bôjo.

**Raivo Ratefy :** na au moins i Madame aza tsy nanao izany!

**Raivo Ratefy :** je pense qu'il perd le nord là, il a la justice anglaise , il est lâché !! be werawera loatra.

**Rinala Rin'tsou Andriarimalala :** dia tena afa-baraka tokoa!

**Johnson Andriantsoa :** mendrika ny athleta Malagasy nahazo ireny vokatra tsara ireny, na tsizarizary aza ny fanomanana. Tena hita fa fôpla mihitsy kosa ireo mpikarakara, ka afa-baraka ny fitondrana manontolo : Rajoelina sy ny forongony.

**Georgette Meva :** da nalahelo zahay ta Vangaindrano, nisy havanay maty tamin'ny ouverture ny Jeux des Iles iny. Ny mpitondra anefa toa nandihy amam-paty, na tamin'ny ouverture na tamin'ny clôture-ne Jeux.

**Justine Ramahavaly :** fitondrana toa mpamosavy ny fitondrana Rajoelina, nandihy tamam-paty, tokony ho notsotsorina ireny céremonie d'ouverture sy clôture ireny. Manala-baraka ny vahoaka sy ny firenena, ny vahiny indray no mahatsiaro manatitra fehezam-boninkazo.

**Hubert Rakotonanahary :** mendrika ireo athletes Malagasy, tena fotaka kosa ny organisation sy ny organisateurs, miteraka fahafaham-baraka ho an'ny Malagasy rehetra.

**Luc Rasolovoavy :** nanakoako eran-tany indray ny tsy fahaizamitantana sy mikarakara ny fitondrana Rajoelina. Nanakoako eran-tany ny fahantran'ny Malagasy no tsy fahaizan'ny mpitondra ankehitriny ihany izany rehetra izany.

## TONONKALO

### MIAMI
### (Maty Isika raha i Andry no MI...)

Maty Isika raha i Andry no MIverina,
Aoka izay ny resabe sy fampitaha.
Mila alàna ny efa lo sy tandalerina,
Dia ilay gasy efa nivadika ho vazaha !

Maty Isika raha i Andry no MIrotsaka,
Fa tsy ho azo iretsy nosy manodidina.
Tsisy ilana ny olon-dratsy sy kapotsaka,
Mpanonofy sy mpanao lohan'angidina !

Maty Isika raha i Andry no MIsisika
Mbola hibitaka amin'ny zavatra tsy hay.
Ireo akamany aza be no tsy marisika,
Ny amin'ny mbola hitantanany indray !

Maty Isika raha i Andry no MIjoro,
Ka hanohy izay rehetra sitrapony .
Izy mantsy mafy loha tsy laitra atoro,
K'azo ambara f'efa tsy avotra intsony !

*TSIMIMALO (03-09-23)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Rajepa, Helisoa

**Fihaonana teo amin'ny Fikambanam- behivavy any Toliara ao anatiny KMMR, hanohana mavitrika ny filoha Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana ho filohampirenena.**









**Fananganana ny KMMR Faritra Matsiatra Ambony, natrehan'ny depiote Ramboasalama Emilien sy Alain Ratsimbazafy.**









## NY TENY FIAINANA

*"Ary hoy Jesosy taminy: andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona hianareo."*
***Marka 1:17***

### OBSERVATOARA MOMBAN'NY TANORA

# Mbola tsy ampy ny fijerena ny tanora eto Madagasikara




*Andriamampianina Brillant ; mpandrindra nasionalin'ny Obsrevatoara momban'ny tanora eto Madagasikara.*

Nitondra fanehoan-kevitra ny avy eo amin'ny Observatoara momban'ny tanora eto Madagasikara, manoloana ny politikan'ny fanjakana momba ny tanora, izay milaza fa tsy mivoaka araky ny tokony ho izy ny fanatanterahana ny lalàna laharana 2004-028 izay nasiam-panitsiana ny 2015-038, mamarita ny politika nasionaly ho an'ny tanora eto Madagasikara, satria dia mirona any amin'ny tsy laharampahamehana ny mpitondra, izay mifototra amin'ny resaka foto-drafitr'asa fanaovana fanatanjahantena no handaniana ny teti-bola eo amin'ny ministeran'ny tanora sy ny fanatanjahantena, ka tsy mifandanja ny fijerena ny fanatanjahantena sy ny sosialin'ny tanora na ny tanora amin'ny ankapobeny, hoy ny mpandrindra nasionalin'ny Observatoaran'ny tanora eto Madagasika Andriamampianiana Brillant. Tokony mba hampiakarina hoy izy ny tetibola atokana ho an'ny ministeran'ny tanora sy ny fanatanjahantena, saingy mila hatsaraina koa ny fitantanana, fa na dia ampiakarina ary ny tetibola nefa tsy mandeha any amin'ny tena filan'ny tanora dia zava-poana ihany, satria tsy ny fanantanjahantena ihany no maha tanora ny tanora, fa ny fampananan'asa ny tanora no tokony ho jeren'ny fanjakana. Fa na dia miezaka aza ny fanjakana dia tsy misy akony eo amin'ny tontolon'ny tanora izany . Ny volana Mey 2022 dia nisy ny fakan-kevitra izay nokarakarain'ny Observatoara mombany tanora niarahana tamin'ny fanjakana niantsoana ireo hery velona rehetra misehatra ny resaka momba ny tanora, ka nisy ny tsoakevitra dimy mikasika ny momba ny fampananan'asa ny tanora ary tsoa-kevitra dimy ihany koa ny fampandrosoana ny fampiroboroboana ny tontolon'ny fandraharahana, ka ny 21 Aogositra teo dia nisy ny tombana natao tamin'ireo asa vita. Hita tamin'izany, fa nisy ny fandraisana andrikitra teo amin'ireo sehatra voakasika, saingy hita fa mbola maro ireo tokony hatsaraina satria refeha mandeha ny fampiofanana dia tsy misy ny fitohizana sy fandraisan'andraikitr'ireo tompon'andraikitra eny anivon'ny faritra, fa mandalo ihany ireo mpampiofana avy amin'ny foibe dia vita ny fiofanana dia lasa ny tompon'andraikitra eny ifotony anefa tsy mahalala izay tohiny, ka tsy afaka mampita amin'ireo tanora. Mbola lavitra ny fanatanterahana ilay hoe tanora iray asa iray, saingy tsy sarotra anefa izany fa mila manana ilay hoe « volonté politique » ny mpitondra . Isan'ny tenin'ny mpitondra matetika ny hoe omen-danja ny tanora, saingy mbola tsy maharesy lahatra izany hatreto fa mbola mijanona resaka ambony latabatra fotsiny aloha, raha ny fijerin'ny Observatoara momban'ny tanora azy; ary notsindrian' ny mpandrindra nasionalin'ny Observatoaran'ny tanora eto Madagasikara Andriamampianiana Brillant, fa amin'ny fotoan'ny fampielezakevitra vao hain'ny mpanao politika ny tanora, ohatra amin'izany hoy izy ny solombavambahoka dia amin'ny fotoan'ny fampielezan-kevitra, hain'izy ireo ny marary ny tanora fa rehefa tonga solombavambahoaka izy ireo dia adino ny tanora, satria hatreto tsy mbola nisy solombavambahoaka nanontany ny hevitry ny tanora alohan'ny handany ny lalàna mikasika ny tanora, eny na dia tatitra aza tsy misy nefa dia adidy sy andraikitry ny solombavambahoka ny fanaovana izany. Izany hoe mahatsiaro fa voahilika ireo tanora satria na ny solombavambahoaka tokony hitondra ny marary azy ireo aza tsy mijery azy tsy misy ny tamberina andraikitra . Isan'ny zavatra hitan'ny Observatoara momba ny tanora koa hoy izy araky ny fitarainan'ny tanora ny hoe : tsy mifanaraka amin'ny zava-misy eto Madagasikara ny rafi-pampianarana misy eto, ka misy fiantraikany amin'ny ampahany eo amin'ny lafiny fampananan'asa ho an'ny tanora, ka mitaky fandraisan'andraikitry ny tsirairay, indrindra fa ny mpitondra, satria raha miezaka mandray andraikitra aza ny tanora nefa ny mpitondra tsy mandray ny andraikiny dia tsy hisy fandrosoana izany. Eo koa ny olan'ny tanora miditra eo amin'ny lafiny fandraharahana eto amintsika, izay mavesatra ho an'ny tanora, satria tanora vao misandratra dia efa vesarana izao karazana hetra rehetra izao , manginy fotsiny ny fikarakarana ireo antontan-taratasy izay ny lalàna no mametra izany, fa takiana sy hangatahin'ny Observatoara momba ny tanora ny mba hitsinjovana ireo tanora mpandraharaha vao misondrotra, ka mba hasiana fanamaivanana ireo hetra alaina amin'izy ireny ary mba homena vahana ireo tompon'andraiktra eny ifotony ary hisy teti-bola manokana ho an'ny tanora eny anivon'ny faritra sy kaominina ary tokony hapetraka ihany koa ny rafitra fakan-kevitra sy fifampidinihana, mba handinihana ny tena laharam-pahamehan'ny tanora, miainga eny ifotony izany ary atao mifanaraka ny zava-misy, satria ny filan'ny tanora dia mivoatra araky ny zava-misy sy ny faritra tsirairay dia samy manana ny laharam-pahamehana ho azy. Ilaina hoy izy ny resaka foto-drafitrasa momba ny fanatanjahantena, saingy mbola tsy ireny ny laharam-pahamehana ho an'ny tanora Malagasy, fa ny fijerena ny tanora amin'ny lafiny fivelomana arak'asa no mahamaika tokony hatao vaindohan-draharaha, fa ireny foto-drafitrasa ireny mbola mila fitaovana maro, ka lasa zaraina baolina sy maillot indray nefa rehefa tsara fivelomana ny tanora manana asa fivelomana hahafahany miaina tsara dia afaka mamaly ny filany, toy ny fividianana baolina sy maillot . Hatreto aloha raha ny zava -misy no jerena dia atao fitaovana politika ihany ny tanora, ka amin'ny fotoanan'ny fifidianana vao hay, fa avy eo tsy misy mpijery, indrindra fa ny sosialin'ny tanora.

***Rajepa***

## Sakafo Ny Valosoa



Tsaramaso lena sy saosisy indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Na saosisy vita amin'ny hena kisoa, na vita amin'ny hena omby, samy mety avokoa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny legioma marigaozy na margose

Ny soa azo avy amin'ny marigaozy na margose indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Maro ny olona tsy tia azy satria mangidy ny tsirony, nefa raha hay ny mahandro azy dia matsiro. Anisan'ny legioma tsara ny Margose, fanafody ihany koa ny raviny.
Ireto avy ny zava-tsoa azo avy aminy :
- Manasitrana ny aretin'ny taovam-pisefona : kohaka, sempotra. - Tsara hoan'ny aty, miaro sy manasitrana aretina aty.
- Mampatanjaka ny hery FIAROVANA.
- Tsara hoan'ny hoditra, manala aretin'ny hoditra.
- Tsara hoan'ny Diabetika.
- Fanafody constipation, na mitohana.
- Tsara ho an'ny voa (reins ).
- Tsara ho an'ny fo.
- Fanafody CANCER na homamiadana.
- Mitondra hery.
- Manadio rà.
- Tsara ho an'ny volo.
- Mampihena vatana, manala tavy.



Afaka atao jus na atao laoka izy.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Mahanoro distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Mahanoro distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina sy ny distrikan'i Mahanoro ity tanàna ity. Iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'i Mahanoro. Ny lalampirenena faha-11 no mankany avy ao Antsampanana, mandalo an'i Vatomandry. Lalovan'ny reniranon'i Mangoro sy ny Lakandranon'i Pangalana ity tanàna ity. Fifamezivezen'ny mponina any an-toerana ihany koa ny Lakandranon'i Pangalana sy ny reniranon'i Mangoro, tonga hatrany Mananjary, fitaterana entana sy olona. Mpamboly sy mpiompy ny mponina any, misy mpanjono koa, ao koa ireo mpiasam-panjakana amin'ny maha-tanàn-dehibe an'i Mahanoro. Vokatra any ny jirofo, ny lavanila, ny kafe, ny dipoavatra. Ny voankazo toy ny letchi, ny manga.



CAN CÔTE D'IVOIRE 2023

# Hidona amin'i Angola ny Barea rahafak'ampitso



Ny Barea an'i Madagasikara ny alahady teo teny Ivato.

Baolina kitra Afrikana, fifanintsanana CAN - Côte d'Ivoire 2023 andro faha 6, hidona amin'i Angola ny Barea an'i Madagasikara, na ny ekipam-pirenena Malagasy eo amin'ny baolina kitra. Nanainga ny alahady hariva teo ny delegasiona Malagasy izay hiatrika ny lalao miverina amin'i Angola, rahafak'ampitso 7 septambra ao amin'ny Stade National de Lubango, any Angola. Ny mpanazatra azy ireo dia Rôrô, izay nanambara fa vonon-kandresy ny Barea amin'io lalao hatao io, na hilalao any an-tanin'olona aza. Noho izao handrantoany lalao atsy Afrika izao, tsy afa-niatrika ny lanonampamaranana ny Lalaon'ny Nosy andiany faha-11 izay natao teto amintsika ny ekipan'ny Barea ny alahady teo, fa nandeha sahady hiaro ny voninahipirenena amin' ny tontolon'ny baolina kitra Afrikana.

**Lita**

Hetsika Pro-Ravalomanana Toamasina

# Mijoro hanohitra ny tsy fahamarinana sy ny hala-bato

Mijoro any Toamlasina faritra Atsinanana amin'izao fotoana ny Hetsika Pro-Ravalomanana (HPR), fikambanana izay hanohana ny filoha Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana ho avy hatao eto amintsika amin'ny volana novambra sy desambra ho avy izao. Ny HPR dia ao anatin'ny KMMR ihany koa na ny Komity Manohana ny Filoha Marc Ravalomanana. Nambaran'ny mpitarika ity fikambanana ity any amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana, fa mijoro hanohitra ny tsy marina sy ny mety ho endrika hala-bato rehetra eto amin'ny firenena ny Hetsika Pro-Ravalomanana (HPR) Toamasina. Faritra maromaro eto amin'ny Nosy no efa misy ity HPR ity ary misy hatrany ivelan'i Madagasikara izany fikambanana izany.

**Niaina**



Ireo avy amin'ny Hetsika Pro-Ravalomanana (HPR) any Toamasina.

Basket-ball

# Notoloran'ny Federasiona « primes » ny Ankoay sokajy rehetra



Ny Ankoay, sy ny avy amin'ny Federasiona ny basket-ball teny Ivato.

Notoloran'ny Federasiona Malagasin'ny taranjampanatanjahantena basket-ball « primes » na tolotra lelavola avokoa ireo mpilalao amin'ny ekipam-pirenena Malagasy amin'ity taranja ity teo amin'ny sokajy rehetra, izay nahazo medaly volamena tamin'ny Lalao Nosy andiany faha-11 natao teto amintsika, nifarana ny alahady teo iny. Tratra ny tanjona hoan'ny Ankoay: Medaly volamena ho an'ireo sokajy rehetra : FIBA 3x3 Lahy sy Vavy, sy teo amin'ny Basketball 5x5 Lahy sy Vavy.

Natolotry ny Federasionan'ny basket azy ireo, tamin'ny alalan'ny filohany Ramaroson Jean Michel, teny Ivato, toerana nipetrahan'ny ekipan'ny Ankoay rehetra, ny fankasitrahana sy fisaorana ary ny "Primes" ho an'ireo mpilalao rehetra sy ny STAFF niatrika iny Lalaon'ny Nosy iny.

**Lita**

Maitirano faritra Melaky

# Zandary namoa-tsampona nitifitra olona indray

Nisy zandary namoa-tsampona nitifitra olona indray, tany amin'ny distrikan'i Maitirano faritra Melaky, tany amin'ny kaominina Bebaboka ny faran'ny herinandro teo. Fifamaliana tao an-trano noho ny " resaka couvre-feu " na tsy fahazoana mivezivezy amin'ny alina no nitifiran'ilay zandary azy olona miisa 2.

Tranga mampalahelo satria dia nohon'ny fifamaliana nisy teo amin'ilay zandary sy izy olona 2 lahy, no namonoany azy ireo. Ny iray maty teo no ho eo, fa ny iray tonga tany amin'ny Hôpitaly vaoi namoy ny ainy. Nisotrosotro tao an-trano i Monja Fiaviantsoa Ferida sy Justin Théophile sy ny namany roa lahy ny alin'ny zoma 01 septembre 2023 lasa teo . Tonga nanatona azy ireo tao an-trano ny Zandary iray mpiana-draharaha raha ny fanazavana avy amin'ny fianakavian' izy mirahalahy ireto . Nangataka ny hisotro miaraka amin' izy ireo ilay zandary, fa nilaza ny efa tsy manam-bola intsony izy ireo . Raikitra ny fifamaliana ka nivadika hoe " efa alina be izao ka tsy tokony misotro intsony lisany . Namaly ry zalahy hoe izahay anie sefo ato anaty trano no misotro e ! Nanambana basy ilay zandary ka namaly ilay iray hoe efa fandrahonana ho faty izao ataonao anay izao . Niteny ilay zandary hoe miseho mahitahita lisany fa ho hitan'ialahy isany tsara . Vao maika nihamafy ny fifamaliana ka nivoaka ny trano ilay zandary ary nitifitra rehefa tany ivelany . Niverina niditra ny trano ilay Zandary taorian'io fa nitsoaka nanavotra ny ainy ireo roa lahy tsy maty . I Monja Findrasoa moa maty teo no ho eo fa i Théophile kosa rehefa nentina tany amin'ny Hôpitaly . Napandre ny lehibeny ny manodidina ka tonga nijery ny zava nisy . Rehefa nahita ny lehibeny ilay zandary vao nety norarana satria efa somary mamo, hoy hatrany ny fanazavana.

Manao antso avo amin'ny SEG na ny sekreteram-panjakana amin'ny zandarimariam-pirenena sy ny fianakavianmben'ny zandarimaria ny Foko Antandroy ao Tsiroanomandidy manoloana ity famonoana ny zanak izy ireo ity .

**Niaina**



Ilay lehilahy, anisan'ny maty notifirin'ilay zandary.


Lalaon'ny Nosy

# I Kaomôro indray no handray ny andiany faha-12

Nifarana ny alahady teo ny Lalaon'ny Nosy andiany faha-11 natao teto Madagasikara, i Kaomôro indray, no handray ny andiany faha-12. Maromaro ireo voka-dalao tamin'ny andro faran'ity lalao ity ny alahady lasa teo.

Teo amin'ny taranja volleyball: resin'i Seychelles i Madagasikara sokajy vehivavy tamin'ny set 3- 2. Niondrika teo anatrehan'i La Réunion ihany koa i Madagasikara sokajy lehilahy tamin'ny set 3- 2 ihany koa. Medaly volafotsy araka izany no azontsika tamin'io taranja io.

Teo amin'ny handball indray, resin'i La Réunion i Madagasikara sokajy vehivavy tamin'ny isa 30-22. Niambozona medaly volafotsy ireo atleta malagasy sokajy vehivavy.



Moroni, renivohitry ny Nosy Kaomôro.

Medaly alimo no azon'ny sokajy lehilaly.

Sémi- Marathon 21km. Faha-6 no nahitana an'i Clarisse Rasoarizay, tamin'ireo mpandray anjara vehivavy 13. Adiny iray sy sasany latsaka kely no nanaovany io halavirana io. Efa 52 taona izy nefa mbola nahavita be mihoatra ny mpifanandrina taminy na dia tsy niambozona medaly azy.

Miftahou Mohamed, atleta komorianina no nandrombaka ny medaly volamena tamin'ireo lehilahy 14 nandray anjara. 1h07"49 no nanaovany io halavirana io.

Nikatona hatreo arak'izany iny lalao nahabe resaka natao teto amintsika iny, afaka 4 taona indray ny andiany faha-12, hatao atsy amin'ny Nosy Kaomôro amin'ny taona 2027.

**Lita**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**02/09/2023 hatramin'ny 09/09/2023**

- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1469-09-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TALOHAN'NY LALAON'NY NOSY

# Tsy vita ny lalana, tsy vita ny teleferika, tsy vita ny train urbain…

Nilokaloka izao fitondrana Rajoelina izao, fa ho vita mialohan'ny Lalaon'ny Nosy natao teto amintsika nifarana ny alahady teo, ireo lalana potika eto an-drenivohitra, ho vita ny teleferika, ho vita ny train urbain,… Tsy izany anefa no nisy fa tsy vita ny lalana, nisy ihany ny natao saingy tsy vita hatramin'ny farany izy ireny, fa ao no nolavadavahana dia navela eo fotsiny. Tsy vita nialohan'ny lalao koa ny teleferika, tsy vita na tsy nandeha koa ny train urbain aloha hatreto. Ny fako izay nilokalokana koa fa ho afaka, nanaovana hetsika lehibe dia tsy vita koa izany, satria dia hitan'ireo vahiny niatrika ny lalao ny loton'Antananarivo, ny fahantran' ny vahoaka Malagasy noho ny nataon'izao fitondrana Rajoelina izao. Ny delestazy no niatoato kely nandritra iny lalao iny, nefa na izany aza, tsy vitsy indray ireo faritra tapaka ny jirony omaly teto Antananarivo sy ny manodidina araka ny filazana nataon'ny Jirama ihany koa. Tsy mendrika ijanona amin'ny toerany intsony ny mpitondra amin'izao fotoana izao, satria tena tsy mahavaha ny olambahoaka sy ireo rehetra marary azy.

***Aly***




*Fako miavosa, anisan'ny tsy vita ny nanala azy nandritra ny Lalaon'ny Nosy.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 442




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0441)

***Mitsivalana***
- Bibilava
- Loza (miv) – siv(y)
- Raraka
- BV
- Antitra
- Ireo – ST
- Mafy (miv) – Fia

***Mitsangana***
- Barea
- Iza – Nif(y)
- Boritra
- Ila – Mey (miv)
- Koto
- Asa
- Vy – Basy
- Vava (miv) – Ta

Holafitry ny mpisolovava


# Voafidy fanindroany ho filoha indray, Me Raondry Alain



Me Raondry Alain, mbola voafidy fanindroany ho filohan'ny holafitry ny mpisolovava eto Madagasikara ny sabotsy 2 septambra lasa teo, no nanatontosan'ny holafitry ny mpisolovava ny fivoriambe fifidianana ny filoha sy ireo mpikambana (mpanolotsaina) ao amin'ny filankevitry ny holafitra ho an'ny roa taona manaraka indray (2024 - 2025). Mpisolava roa no nilatsaka ho fidiana ho filohan'ny holafitra. Tamin'ireo mpisolovava 619 nandatsa-bato, 465 (75,12%) no nifidy an'i Me Raondry Alain, raha 154 (24,88%) kosa ny an'i Me Ravelonarivo Eddy Alain Louis. Voafidy fanindroany hitantana ny holafitra izany i Me Alain Raondry. Ny fifidianana ny filohan'ny holafitra dia niandoha ny fihodinana voalohany amin'ny fifidianana ireo mpikambana (mpanolotsaina) ao amin'ny filankevitry ny holafitra, izay nahitana mpanolotsaina tompon-toerana dimy sy mpanolotsaina mpisolo-toerana iray lany dieny fihodinana voalohany. Marihina fa ny mpanolotsaina tompon-toerana dia miisa sivy ary ny mpanolotsaina mpisolo-toerana kosa dia miisa dimy. Izy ireo dia ho feno tanteraka ao aorian'ny fihodinana faharoan'ny fifidianana ireo mpikambana ao amin'ny filankevitra, izay ho tontosaina ny faha 7 oktobra 2023 ao amin'ny efitra faha-efatry ny fitsarana ambony eto Antananarivo. Ampahatsiahivina, fa efa mihoatra ny arivo ny isan'ny mpisolovava eto Madagasikara, izay miparitaka sy mitoetra eran'ireo tanàn-dehibe rehetra izay misy fitsarana eo aminy.

***Isambilo***

### TENY MIFANAPAKA N° 442



**Mitsivalana**

**1.** Toeram-pamokarana **2.** Naoty – Haingo mihaja **3.** Voaray – Làlam-pirenena **4.** Fiandohan'ny rivotra – Tapakila mahazo loka **5.** Miaraka amin'ny fanoto (miv) – Enti-milaza **6.** Manome, manolotra vola – Paositra Malagasy **7.** Manazava ny tranonay **8.** Olo-masina – Tovona (miv) **9.** Ohatra – Tsofoka fanitarana – Omby **10.** Asehonay eny ivelany

**Mitsangana**

**A.** Voamaina **B.** Alina – Hekitara **D.** Alindrano **E.** Isa Romana – Tsarovy **F.** Nomena **G.** Faran-teny – Entina manontany (miv) **H.** Maharitra – Hatsiaka **I.** Solfa – Teny ratsy – Hita amin'ny trano sy tany **J.** Litera tsy mitovy – Ilaina, irina **K.** Seho (miv) – Kila firehitra

### Valiny Teny mifanaraka 0441

**Mitsivalana**

**1**.Fanomezana **2**. Osy - Inona **3**. Katolika **4**. Akany - MD **5**. Nay - Maody **6**. Ianao (miv) - Lahy **7**. Naoty **8**. Alimo (miv) - Nino **9**. Nono - Fa - Ar **10**. Ara - Zo - Ony

**Mitsangana**

**A** Fokonolona **B**. Asa - AA - Mor(a) **D**. Nitaingina **E**. OK - Lo **F**. Milamina **G**. Enina - Fo **H**. Zokiolona **I**. Ana - Daty **J**. Na - Mihinan(a) **K**. TD - Ory

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

JC, Helisoa

**Tafajoro ny sabotsy teo ny mpitarika ny KMMR sy ny birao mandrafitra azy any amin'ny faritra Atsinanana sy ny distrikan'i Toamasina.**





**Ny hetsiky ny olom-pirenena : Madagasikara tsy entina vahiny, nosakanan'ny mpitandro filaminana, saika hatao tao amin'ny ISTS Mandrimena Antananarivo Atsimondrano.**









